
# TORITENY - ALAHADY faha-28 TSOTRA - TAONA D



## *“Mitsangàna, ary mandehàna, fa ny finoanao no nahavonjy anao”.*

Ry Kristianina havana, tamin’ny Alahady lasa teo izay andron’ny lahika izany hoe ny Kristianina vita batemy mivelona eo anivon’izao tontolo izao, mampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro, izay no maha-lahika ny lahika, izay ny dikan’ny lahika : mivelona ny finoana, mivelona ny maha-Kristianina. Ry Kristianina havana, ny teny hoe Kristianina dia avy amin’i Kristy. Ny lahika amin’ny maha-Kristianina azy no nankalazaina manokana tamin’ny Alahady lasa teo tahaka ny Alahady faha-4 amin’ny Paka fatsiarovana manokana an’ireo pretra, an’ireo manara-dia akaiky an’i Kristy, fahatsiarovana an’ireo izay mivelona izay fiombom-piainana ka hanahaka an’i Kristy ho zary famantarana ny famindrampon’Andriamanitra sy ny fitiavan’Andriamanitra eo amin’ny mpiara-belona. Ny tamin’ny Alahady lasa teo kosa fankalazana manokana ho an'ny Lahika. Raha tadidintsika dia niresaka momba ny finoana isika. Raha manam-pinoana hoatry ny voantsinapy aza ianareo ka milaza amin’ny tendrombohitra hoe miongota dia afaka misintaka any andranomasina izy hoy ny tenin'i Jesoa. Nandalina momba ny finoana isika ary nifaritantsika tamin’izay ry Kristianina havana ary nifandray tamin’ny andro fankalazana ny andron’ny lahika : ny finoana hoy isika dia tsy

> ***Vakiteny I :*** *2 Mpanj. 5, 14-17*
> ***Salamo :*** *Sal. 97*
> ***Vakiteny II :*** *2 Tim. 2, 8-13*
> ***Evanjely :*** *Lk. 17, 11-19*

tany malemy hanorenam-pangady fa tany lonaka hiasan’ny fahasoavan’Andriamanitra mba hamokatra ary izay no antitraterin’ireo tenin’Andriamanitra amin’izao Alahady hiarahantsika mivavaka, Alahady voalohan’ny volana oktobra faha-28 mandavantaona. Raha manam-pinoana tokoa isika dia mahavita zavatra mahagaga ary hanehoan’Andriamanitra ny fahasoavana.

Jereo ny vakiteny voalohany (*2 Mpanj. 5, 14-17)* fa tratrin’ny aretin-koditra, ny habokana i Nahamana ary ny Evanjely (*Lk. 17, 11-19*) dia ny tantaran’ireo boka folo lahy izay nifanena tamin’i Jesoa. Nanam-pinoana izy ireo rehefa voasedra ny finoany.
Voasedra ny finoan’i Nahamana enontsika tamin’ny vakiteny voalohany, dia lasa izy nidina tao anaty rano dia voadio tanteraka. Toy izay koa ireo boka folo lahy nifanena tamin’i Jesoa ary indrindra moa ilay vahiny, voasedra koa ny finoany satria nolazain’i Jesoa : mandehana ianareo manao fankasitrahana fa tanteraka ao aminareo izay irinareo.
Izany tokoa ry Kristianina havana raha maharitra amin’ny finoana isika ary indrindra raha mahatoky ny famindrampon’Andriamanitra. Ny finoana dia midika fa miova izay rehetra eo amin’ny fiainantsika satria tsy misy afenina. Ry Kristianina havana, milaza miara-mahita isika fa maro ny habokana mikiky ny fiainantsika ary dia marary izao fiaraha-monina misy atsika izao, marary ny fiainantsika. Ny fivondronamben' eveka malagasy tamin’ny taratasiny farany dia milaza fa efa ambavahaonan' ny fahafatesana vokatry ny habokan’ny fiainantsika isika izany hoe ny fahotantsika, io ny habokana tena mikiky atsika ka izao taonan’ny famindrampo izay efa mamaram-parana azy isika izao, miditra amin’ny telo volana farany ka aoka hanararaotra isika ry Kristianina havana, aoka hanararaotra izao fotoana izao.
Maro ny zavatra mety mampisalasala atsika tahaka an’ilay jeneraly izay mieritreritra fa mahay, ary izay manko no tena habokana mikiky atsika, mieritreritra mahavita tena isika, manao samy mahay daholo ka na dia torin’ny mpaminany aza tahaka ny Eglizy izany izay sady Reny no mpaminany.
Ny Eglizy dia Reny mikolokolo manoro atsika no be famindrampo manambara amintsika ny fitiavan’Andriamanitra, mpaminany izy, milaza ny marina tahaka ny nataon’i Elizea tamin’ilay mpanjaka Nahamana nefa tsy nahatoky anefa izy tamin’izay voalazan’i Elizea satria nihevitra nahavita tena kanefa raha voasedra ny finoany dia nanaiky izy.
Ny finoana dia midika koa ny fahatokisana an’Andriamanitra, vokatry ny fihainoana ny tenin'Andriamanitra dia manaiky, izany tokoa ny finoana. Raha nanorina ny vahoakan'Israely Andriamanitra tsy nilaza hoe manana an'izao fiekem-pinoana izao fa nilaza "mihainoa ry Israely" izay ny tena finoana izay dia ny fihainoana ny hafatr'Andriamanitra. Indrisy manampina ny sofintsika isika amin'izao andro iainantsika izao, mihaino zavatra hafa fa tsy ny tenin'Andriamanitra no hihainointsika. Tsy mandray ny tenin'Andriamanitra isika ka aza gaga raha mbola revo ao anatin'ny habokan'ny fahotana.

**Amin'izao Alahady faha-28 mandavantaona izao raha fintinina dia hafatra telo no tiana ampitaina amintsika**

**1)** Manatona ny famindrampon'Andriamanitra isika no mihaino ny tenin'Andriamanitra, izao no atao amin'izao taona masina izao. Imbetsaka isika no mahazo fanasana hoe "henoy ny tenin'Andriamanitra eo anivon'ny Eglizy kely fianakaviana". Raha mihaino ny tenin'Andriamanitra isika dia miova ny fiainantsika. Mety voasedra ny finoantsika, mety misy zavatra takina amintsika raha ny amin'ny finoana izany hoe mandray an-tànana ka mahay mampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro. Tahaka ny nataon'i Nahamana, tsy maintsy nitsofoka tao anaty rano izy, izay

ny fandraisana an-tànana. Anatin'ny taom-baovao pastoraly isika izao, aoka isika hitsofoka anatin'ny asa aman-draharahan'ny lahika isika, handray an-tànana ny finoantsika tahaka ny fampianarana amin'ny katesizy, handray an-tànana ny fandraisana anjara amin'ny hasim-pinoana ka hahatonga atsika tokoa hadio eo anatrehan'Andriamanitra ka hiroso amin'ny fiainam-baovao tahaka ireo boka folo lahy izay nirahin'i Jesoa hanatona ny mpisorona hanambara ny fahadiovany.

**2)** Ity ny fampianarana faharoa, tsarovy ry Kristianina havana fa 10 ireo boka nositranin'i Jesoa, impiry moa isika no nahazo ny fahasoavan'Andriamanitra ? nefa tsy mahatsiaro mankasitraka an'izay fahasoavana azontsika izay. Tsarovy fa ilay vahiny izay olona tsy nahafantatra ny fahasoavana azony no niverina ka nanatona an'i Jesoa ary nankalaza an'Andriamanitra, niankohoka teo amin'ny tongotr'i Jesoa izy ka nisaotra azy, Samaritana izy io. Aoka isika hahay hankasitraka an'Andriamanitra fa indrindra amin'izao taom-pahasoavana, taona masina ny famindrampon'Andriamanitra. Mino sy matoky aho fa maro ny oran-draozy, izay moa ny fitenintsika fa indrindra vao tsy ela isika no nankalaza an'i Mb Terezin'i Jesoa zazakely. Tsarovy fa maro ny oran-draozy ho raisintsika ka aoka hahay hankasitraka an'Andriamanitra isika fa indrindra amin'izao volan'i Masina Maria, volan'ny raozery izao. Hamakivaky ity volana oktobra ity isika ka aoka hahay hiaraka amin'i Masina Maria hitalaho fahasoavan'Andriamanitra ary dia lazain'i Jesoa isika satria nanatanteraka ny sitrak'Andriamanitra, nidioviny isika ary nanao izay tahaka nolazain'i Masina Maria amintsika, izy izay tsy mitsahatra ny milaza amintsika tahaka ny nataony tamin'ireo mpianatra tany Kana ; "ataovy izay rehetra lazainy aminareo". Raha mihaino ny tenin'Andriamanitra isika dia madio ary miroso tsaratsara kokoa ny fiainantsika raha manatanteraka ny sitrak'Andriamanitra isika.

**3)** Ny fampianaran'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa amin'izao Alahady faha-28 mandavantaona handalinantsika ny finoana izao dia tsy inona fa na manao akory na manao akory ny zava-misy tsy mivadika i Kristy, omaly anio ary mandrakizay. Isika no mety miovaova izay no maha-olombelona atsika, mililoha lanitra ka mety ho lena, mandia tany ka mety ho solafaka. I Kristy kosa dia tsy miova ary tsy mivadika mandrakizay izy, raha miara-maty amin'i Kristy isika dia hiara-belona aminy koa hoy i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa. Raha miaritra isika, mivelona ny finoana mampitraotra amin'ny fiainana andavanandro dia hiara-manjaka aminy; hiova ho tsara ny fiainantsika fa raha sanatria koa mandà Azy isika, dia Izy koa handà antsika; raha mivadika isika anefa dia fantaro fa Izy tsy mivadika na oviana na oviana, ary efa tia atsika hatramin'ny voalohany izy ary dia izay no ankalazantsika amin'izao taona masina famindrampo izao.

Misaotra anao izahay ry Jesoa satria dia tsy mitsahatra manadio ny fo amam-panahinay ianao mba ho masom-pinoana tokoa ny masom-pinoanay ary dia ampio izahay mba hanokatra ny sofinay mba hahay handre ny hafatrao ka handray an'izay teninao izay ho tanterahinay ka amin'izay hiova ho tsara ny fiainanay ka ianao no hanjaka eo amin'ny fiainanay. Raha ianao no manjaka eo amin'ny fiainanay dia izay no tena fiadanana marina.

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson